# FANAMBARANA NY BOKY



Lisanegne ty apemba na ty bajiry

Ty boky toy le natokagne ho ey ty ndaty ambanevohitse ty faritse Androy.

Vokatse azo avy amy ty fiaraha-miasa i ALT Malagasy, Andrew Lees Trust, FIDA AROPA/PARECAM.

Ty bajiry naho ty apemba le voamaigne mahatante ty toetsandro Androy atoy. Iareo roe reo koa le minday otrikaigne mahavelogne soa ara-pahasalamagne.

Tsy maintsy lisanegne vaho tsongaegne heke ty apemba naho ty bajiry aloha ty hahandroagnaze. Azo atao ty manao fikarakaragne isankarazae ame: poropiteke aoleke aman-dronono, varemaike apemba na bajiry, ahandroegne aman-drano avao koa, mete sorobagne vagnemba koa reke, mete atao mofo koa ty lilae, anovagne jereke aby ty apemba, mete atao godrogodro koa, atao mokary aby, ty lafarinae koa le azo amboaragne konoke.

Ty boky toy zane le misy fomba fahandroagne apemba naho bajiry izay tena tea-ondaty amy ty faritse Androy toy.

Oriho ty fomba fahandroagnaze le mazotoa mikama.



Tsongaegne koa ty apemba na ty bajiry